

Ireo toetra roa karazana ao anatin'ny mino

G. Cutting



Bibles et Publications Chrétiennes

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-takila >

ISBN :978-2-87907-358-3

Les deux natures du croyant

Couverture, photo © Paul Jacquin

Ireo fanambaràn'ny Baiboly	
sy ny fihetseham-pontsika	5
Ny fahazoana antoka ny famonjena	6
Ireo toetra roa	9
Ny ota sy ny fahotana	14
Azo atao ve ny manatsara an'ilay toetra taloha sa avela ny lalàna no hifehy azy?	16
Vahaolana :	
ny fahafatesantsika miaraka amin'i Kristy	19
Moa tsy maintsy mihevi-tena ho maty ve?	22
Moa manelingelina ny fiombonana aina amin'Andriamanitra ve ilay toetra taloha?	24
Ahoana no fahitan'Andriamanitra antsika : ao amin'ny nofo sa ao amin'ny Fanahy?	26
Ny Fanahy Masina :	
hany herin'ny fiainam-baovao	28
Ny andraikitsika : mandeha araka ny Fanahy	30
Ireo zavatra manokana	
manamarika an'ilay toetra vaovao	33
Fehiny	36

«Tamin'ny voalohany, nihevitra aho fa efa olomboavonjy; ankehitriny anefa, manahy ny amin'izany aho: tsy tsara noho izaho fony tsy mbola niova fo mantsy aho izao». Teny feno hakiviana toy izany no miloaka ny vavan'ny ankamaroan'ireo olona efa nanambara ampahibemaso izao ny finoany an'i Jesoa Kristy.

Manome vahana an'i Satana handefa ny zana-tsipikany mirehitra afo ny toe-panahy toy izany: lazainy fa mpihatsaravelatsihy mampahonena isika, mpamita-tena sy mpamitaka ny hafa, ka ny mety dia ny milavo lefona ka haneho ankarihary sy hiaiky fa tsy mbola nandalo tokoa tamin'izany fahateraham-baovao izany.

Tsapanay loatra ny fanahiana lalina anaty aterak'izany fanafihana ataon'i Satana izany, ka izany no mahatonga anay hitodika amin'ny fampianarana atolotry ny Baiboly mba hahitana ny tena marina mikasika izany. Ny fitahian'ny Tompo anie hambomba ny fanehoan-kevitra haroso etoana. Izy irery no hany afaka hampiorina ny olona feno fanahiana, hanafaka azy amin'ireo fisalasalany, ka hametraka ao am-pony ny tena hikam-piderana.

Ireo fanambaràn'ny Baiboly sy ny fihetseham-pontsika

Heverinay fa tsara angamba, mialoha ny hiompanantsika amin'ny tena votoatin-dresaka, ny manoritra mazava fa tsy misy afa-tsy safidy roa, ary izay ihany, manoloana ny fanambaràn'ny Soratra Masina :

na manaiky izany, na mandà.

Manitritrika ny tsy mino fa izay hitan'ny masonry sy izay takatry ny sainy ihany no azony inoana. Ny mpino kosa anefa tsy mino be fahatany an'izay rehetra azo ambara, fa mino kosa an'izay rehetra ambaran'Andriamanitra, eny fa na dia tsy takatry ny sainy sy mifanohitra amin'izay zavatra iainany aza izany : ao amin'llay iray izay tsy hamitaka azy na oviana na oviana no nametrahany ny fitokisany.

Ankoatra izany, matetika isika no voafitaky ny fihetseham-pontsika sy ny traikefam-piainantsika, na eo amin'ny fiainantsika andavanandro aza. Izy ireny no manakana antsika tsy hahita ny zava-misy marina, araka ny tena endriny tokoa.

Ndeha horaisintsika ireto ohatra roa ireto, mba hanampy antsika hahay hanavaka tsara ny tena zava-misy marina sy ny fihetseham-po aterany :

– Tamin’ny taona 1948 no nanambaràna ny fijoroan’ny fanjakana Isiraely. Niteraka fihetseham-po isan-karazany sy fifanoheran-kevitra teo amin’izao tontolo izao io zava-nitranga io. Saingy tsy nanova na inona na inona tamin’ily zava-nisy izany: nijoro ny fanjakana Isiraely.

– Nanatona an-drainy ity tovolahy iray tamin’ny fotoana naha feno taona azy, ka hoy izy: «Tsy mahatsapa ny tenako ho 18 taona aho!» Moa manova ny tena zava-misy marina ve izany fahatsapana ao anatin’ny izany? Ny bokimpianakaviana no manaporofy ny tena taonan’io tovolahy io, ary ampy hanome azy an’ireo zony rehetra amin’ny maha feno taona azy.

Maro amin’ireo olona efa tena tonga kristiana no manana fisainana toy ny an’ity tovolahy ity: manidy tena tsy hianoka ny zony sy ny zara fifaliana efa natao ho azy izy, satria ny fihetseham-pony no banjininy fa tsy ny fanambaràna mazava be atolotry ny tenin’Andriamanitra

Ny fahazoana antoka ny famonjena

Ahoana no hananana ny fahazoana antoka ny famonjena? Ny finoana ny fanambaràn’ny

Soratra Masina. Ndeha hampiharintsika amin'ireto andinin-tSoratra Masina vitsivitsy notsoahina tao amin'ny Filazantsaran'i Jaona ireto, ireo fanamarihana nataontsika teo aloha ireo. Fanambaràna efatra no hita eo amin'ny fiafaran'ny toko faha-3 :

1 – Ny Ray tia ny Zanaka

2 – Natolotry ny Ray ho eo an-tanany ny zavatra rehetra

3 – Izay mino ny Zanaka no manana ny fiainana mandrakizay

4 – Izay tsy manaiky ny Zanaka... ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy.

Fanambaràna tsy avy amin'ny fisainan'olombelona na nifototra tamin'izay traikefam-piainana nolalovantsika ireo, fa zava-misy marina avy amin'Andriamanitra, ary tena mafy orina.

Ndeha horaisintsika ny fanambaràna eo amin'ny 1, 2 sy 4: ekentsika mora foana ireo fanambaràna ireo satria Tenin'Andriamanitra, ary tsapantsika tsara fa tsy afaka hanakiana karazam-pahamarinana toy izany na ny fihetseham-po, na ny traikefam-piainantsika.

Fa ndeha hiverenantsika kosa ilay voalaza eo amin'ny faha-3: IZAY MINO NY ZANAKA NO MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY. Eto, matetika, no miandoha ny olana, ho an'izay fatra-

phiahiahy: «Tsy mahatsapa ho manana ny fiainana mandrakizay aho...»

Inona moa no azon'ny fihetseham-pontsika hatao manoloana ny fanambaràna mazava atolotr'Andriamanitra? Hoy ity olona iray tratry ny fikorontanan-tsaina, indray andro: «Raha mba afaka ny nino fotsiny mantsy aho hoe voavonjy, dia efa voavonjy aho toy izay, saingy tsy ampy ny finoako ny amin'izany». Toa mitombina tokoa izany filazana izany, saingy tsy mifanaraka mihitsy amin'izay ambaran'ny Filazantsara! Samy azo atao tsara:

- ny « mahatsapa » ho voavonjy, kanefa very
- ny tsy « mahatsapa » fa voavonjy, kanefa efa tena voavonjy tokoa!

Hoy ny Baiboly: IZAY MINO NY ZANAKA NO MANANA NY FIAINANA MANDRAKIZAY. Izay ambaran'Andriamanitra àry no aoka hoekentsika fa tsy ireo bitsiky ny fihetseham-pontsika. Tsy afaka ny hitondra fototra matanjaka ho an'ny finoantsika mihitsy raha ireny fihetseham-pontsika ireny. Raha ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra ao amin'ny tsy mino, – na tsapany izany na tsia - dia aoka isika hahazo antoka fa tena anjara ho an'ireo izay mino marina ihany koa ny fiainana mandrakizay.

Ampy ho antsika ny manaiky tsotra izao an'izay ambaran'Andriamanitra sy ny mifahatra mafy

amin'izany, na eo aza ireo ahiahy mety hitranga. Ny Fanahy Masina no handray an-tanana ny famenoana fankasitrahana sy fiderana ny fontsika, rehefa izany. Io Fanahy io no hitaona ny fontsika hiankohoka hivavaka amin'Andriamanitra amimpahatokiana, ka handray Azy ho tena toy ny Raintsika.

Ireo toetra roa

Mety hisy hiteny hoe: « Tsy dia izany loatra no manahirana ahy; tsy isalasalako fa tena efa manana ny fiainana mandrakizay tokoa ankehitriny ny mpino, dia ny olona efa nateraka indray. Saingy, rehefa mampitaha ny zavatra iainako andavanandro amin'ny sasantsasany amin'ireo fahamarinana voalaza mazava ao amin'ny tenin'Andriamanitra aho dia velompanahiana fatratra, fandrao tsy mbola nateraka indray.»

Tianay ny hanome izao fanamarihana izao ho fampaherezana anao, mialoha ny hamaliana izany misimisy kokoa: toetra an'ny mpino irery ihany, fa tsy mba ananan'ny tsy mpino, ny faniriana hanana fiainana mifanaraka amin'ny fampianaran'ny tenin'Andriamanitra. Ny tebitebin-tsaina sy ny fandinihan-tena lalovan'ny

olona iray, ateraky ny fampitahana ny traikefam-piainany amin'ny zavatra takin'ny tenin' Andriamanitra, dia efa porofo manamarina sahadry fa manana ny toetra vaovao izy. Tsy mba mahatsapa izany tebiteby izany ireo izay « maty amin'ny fahotany »: « Tsy misy fahatahorana an'Andriamanitra eo anoloan'ny masony »¹.

Ndeha horaisintsika indray ireto andinin-tSoratra Masina roa ireto. Andininy maneho zavadroa loha tsy mety hifanindran-dalana mihitsy izy ireto:

– « Izay naterak'Andriamanitra no tsy manota »².

– « Satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitra ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn' Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany. Ary izay ao amin'ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra »³.

Mariho tsara ny fifanoheran-kevitra hita eto:

– Naterak'Andriamanitra ary tsy mahay manota.

– Ao amin'ny nofo⁴ ary tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra

1. Romana 3. 18 • **2.** 1 Jaona 3. 9 • **3.** Romana 8. 7-8 • **4.** Marihina fa fomba roa no entin'ny Soratra Masina manambara ny nofo:
a) Ampiasaina io voambolana io hilazana ny vatan-tena (1 Timoty 3. 16; Kolosiana 2. 1; etsetra)

Vao teraka isika dia efa nitafy toetra ratsy. Toetra tena ratsy loatra izy io, ka tsy hahefa na oviana na oviana ny hankatò ny lalàna masin' Andriamanitra. «Tsy mahay manao ny sitrapon' Andriamanitra» izy. Niaiky i Davida mpanjaka hoe: «Tamin'ny heloka no niterahana ahy, ary tamin'ny fahotana no torontoronina ahy ny reniko»⁵.

Saingy, nandray toetra hafa tanteraka tamin'io voalohany io isika. Nandray ny «toetran' Andriamanitra» isika⁶, rehefa nandalo fahaterahana ara-panahy (na fahaterahambaovao), tamin'ny alàlan'ny asan'ny Fanahy Masina, sy tamin'ny alàlan'ny tenin' Andriamanitra⁷. Fiainana vaovao izay tsy mba ananan'ny tsy mpino izany⁸. Nambaran'ny Tompo mazava tamin'i Nikodemosy ny amin'izany:

«Izay ateraky ny nofo dia nofo; izay ateraky ny Fanahy dia fanahy»⁹.

Mitafy toetra roa ny mpino, araka izany:

b) Any amin'ny andininy hafa izy dia milaza ilay toetra ratsy sy nivarilavo ananan'ny taranak'i Adama rehetra, toetra izay voapoizin'ny ota ao aminy ary loharanon'ny zava-dratsy rehetra ataon'ny olombelona (Galatiana 5. 17).

5. Salamo 51. 5 • **6.** 2 Petera 1. 4 • **7.** Jakoba 1. 18; 1 Petera 1. 23 •

8. 1 Jaona 3. 15 • **9.** Jaona 3. 6

Ao ilay toetra nateraky ny nofo, izay tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra; ary ao ilay toetra nateraky ny Fanahy izay tsy mahay manota, satria avy amin'Andriamanitra. Hitantsika ao amin'ny Romana toko faha-7 ny filazana miaraka an'ireo toetra roa ireo. Ahitantsika izany, ohatra, eo amin'ny andininy farany amin'io Romana 7 io :

« Raha ny amiko, dia mankatò ny lalàn' Andriamanitra aho amin'ny saiko (araka ny fanahy nohavaozina, ny toetra vaovao¹⁰), fa ny lalàn'ny ota kosa amin'ny nofoko ».

Andeha haka ohatra iray isika mba hampahazava tsara an'io fahamarinana fototra io :

Niara-nakotrika tamin'ireo atodin'akoho ny atodin-gana maromaro. Tsy takona hafenina ny fahasamihafana nony injay foy ireo atody. Nirotsaka nilomano tery an-keniheny avy hatrany ireto ganagana kely, ary nikaikaika ilay reniakoho. Ireo zanak'akoho kosa tsy ho sahy ny hanao izany na oviana na oviana. Hita eto izany ny fisiana

10. Ny hoe « toetra taloha » sy ny hoe « toetra vaovao », toy izay hita ao amin'ny Efesiana 4. 22-24, no nosafidina hampiasaina mba hanamorana ny famelabelarana sy ny fahazoan-kevitra, na milaza izany amin'ny teny hafa aza ny andininy sasany ao amin'ny Soratra Masina, toy ny hoe « nofo » (Romana 7. 18) sy ny hoe « fomban'Andriamanitra » (2 Petera 1. 4).

toetra roa samy hafa tanteraka, samy hafa fitiavana ary samy hafa fironana. Tsy misy mpiompy na iza na iza, eny fa na hotronin'ireo olon'ny siansa rehetra aza, hahavita hanova ny toetry ny ganagana kely ho toy ny an'ny zanak'akoho: samy hihazona ny toetrany avy ihany izy roa ireo.

Fa mainka miavaka kokoa noho izany ireo toetra roa tinafin'ny kristiana. Samy hafa mihitsy mantsy ny loharano nipoiran'izy ireo: ny iray azo avy amin'ilay olona resy sy lavo; ny iray kosa avy amin'Andriamanitra, omban'ny fahafenoan'ny fahamasinan'ny toetrany. Ny iray araka ny maha olona, ary voaloto; ny iray kosa avy amin'Andriamanitra, ary masina sy madio. Io toetra taloha io avokoa, noho izany, no loharano ipoiran'ireo sain-dratsy sy asa ratsy rehetra hita eo amin'ny mpino. Ireo faniriana tsara rehetra kosa, ireo asa rehetra ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, dia vokarin'ilay toetra vaovao.

Samy hafa tanteraka toy izany koa ny hoavin'ireo toetra roa ireo: hiala tanteraka amintsika ilay toetra taloha rehefa maty isika, na rehefa higadona ny fotoana hiverenan'ny Tompo; ilay toetra vaovao kosa tsy ho tonga amin'ny tena fivelarany raha tsy mby any an-danitra.

Ny ota sy ireo fahotana

Ilay fironana ratsy mitoetra ao anatintsika, no antsoina mazàna hoe: «NY OTA» (miseho amin'ny filazan-javatra milaza tokana). Ireo asa, teny, ary fisainana ratsy aterak'io toetra ratsy io kosa no antsoina hoe: «IREO FAHOTANA» (miseho amin'ny filazan-javatra milaza maro).

Hitantsika izany fiavahana izany ao amin'ny 1 Jaona 1. 8-9:

– «Raha milaza isika fa tsy manana OTA, dia mamita-tena».

– «Raha miaiky ny FAHOTANTSIKA isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika».

Fiavahana manan-danja izany. Raha mampianatra antsika mantsy ny Soratra Masina fa mamela an'ireo asa mendrika fanamelohana ataontsika Andriamanitra, noho ny rà'n'i Kristy, dia milaza amintsika ihany koa izy fa tsy mamela na oviana na oviana an'ilay toetra maha mpanota Andriamanitra, fa mitsara sy manameloka izany kosa.

Andeha hataontsika hoe manana zanaka mahery setra sy misafoapoaka, hono, ianao. Nisondrotra ny hatezerany, indray andro. Natorany teny amin'ny fitaratra izay zavatra sendra ny tanany, ka nahavaky ilay fitaratra.

Nietry izy ka nangata-pamelana, rehefa nitony ka nahatsapa fa tsy nety ny nataony. Marina fa hamela azy ianao; kanefa, inona kosa no hoeritreretinao ny amin'ilay toetrany misafoapoaka, ka nahatonga azy hahavita an'iny fihetsika iny? Homelohinao izany, ho halanao, ary ho nofoananao mihitsy raha azonao natao!

Ilay toetra ratsy no mifanandrify amin'ilay hoe OTA mitoetra ao anatintsika. Ilay fitroatroarana nahavaky fitaratra naterany kosa no mifanandrify amin'ilay antsoina eto hoe FAHOTANA. Ilay iray voalohany no foto-kazo mitondra ny voa, ary ilay iray faharoa kosa no voa entin'ilay foto-kazo.

Tsy mamela ny OTA na oviana na oviana Andriamanitra, na mamela an'ireo FAHOTAN'ny mpino aza Izy. Tsy misy azon'Andriamanitra atao afa-tsy ny manameloka an'io ota io, satria marina Izy: « Andriamanitra naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo sy ny amin'ny ota (izany hoe, ho toy ny fanatitra ho an'ny ota), ka nanameloka ny ota tao amin'ny nofo »¹¹.

Azo atao ve ny manatsara an'ilay toetra taloha, sa avela ny lalàna no hifehy azy?

Moa nohatsarain'ilay toetra vaovao ve ilay toetra taloha? Tokana ihany ny valiny: tsy misy afaka manatsara ny nofo!

Efa natao avokoa ireo fanandramana rehetra:

– Ny olona tao anatin'ny tsy fahalalana, nanota

– Ny olona teo ambanin'ny lalàna, nandika ireo didy amam-pitsipika

– Nolavin'ny olona ilay Zanak'Andriamanitra tonga ho fahasoavana.

Tsy manatsara velively an'ilay toetra taloha ny fitoeran'ilay toetra vaovao ao anatin'ny mpino, fa mampiharihary kosa ny tena faharatsian'io toetra taloha io. Raha manome pataloha vaovao tsara tarehy ho an'ny lehilahy iray sahirana ianao, moa inoanao ve fa hanatsara ny endriky ny palitao efa tonta sy rovitra eny aminy ny fanaovany an'io? Ny mifanohitra amin'izany aza no hiseho: mainka hisongadina ny fifanoherana eo amin'ilay pataloha sy ilay palitao!

Manana faniriana, fitiavana, firehana mifandraika amin'ny an'ilay toetra vaovao ny olona nateraky ny Fanahin'Andriamanitra: mahafaly azy ny lalàn'Andriamanitra, ary manaiky ny fitarihan'ny tenin'Andriamanitra izy.

Tsapany koa anefa fa mbola mitolona hatrany amin'ny fironana sy ny fanirian'ilay toetra taloha izy.

Misy àry, araka izany, ny «zavatra araka ny nofo» sy ny «zavatra ny Fanahy»¹². Mifanohitra ny zavatra tian'ireo toetra roa ireo sy ny faniriany.

Ny mampikorontan-tsaina ny olona vao niova fo, mazàna, dia ny fahatsapany fa toa tsy efany ao amin'ny nofony ny zavatra takin'ny tenin' Andriamanitra amin'ny olona iray nateraka indray. Raha ambara amin'ny teny hafa dia hoe miezaka ny hanatanteraka an'izay efa nambaran' Andriamanitra fa tsy ho efa mihitsy izy, izany hoe: mampankatò ny nofo ho eo ambany fifehezan'ny lalàna masin'Andriamanitra¹³. Tsapany fa ny zavatra ny nofo no tian'ny nofo hosainina, fantany fa fahavalon'ny lalàn'Andriamanitra, sy fahavalon'Andriamanitra mihitsy koa, ny nofo. Raha izany àry no izy, arakaraka ny fiezahan'ny mpino hanatanteraka izany zavatra tsy ho efa mihitsy izany, no vao mainka hahabe ny fahoriany. Ny fampiharana ny lalàna amin'ny nofo, mba hoe hanoavany izany, no mainka mampiharihary fa tsy azo sitranina izy. Raha rarahanao rano ny sokay vao nodorana, tsy hampangatsiaka azy mihitsy izany fa vao mainka

12. Romana 8. 5 • 13. Jereo Romana 8. 7-8

hampahamay azy. Toy izany koa ny nofo, ampiharo aminy ny lalàna, dia vao mainka hampiharihary ny tsy fankatoavany izany, satria «avy amin'ny lalàna ny fahalalàna marina ny amin'ny ota»¹⁴. Fanirian'ny mpino ny hanao ny tsara, izay zavatra mifandraika indrindra amin'ny fanirian'ilay toetra vaovao tinafiny. Indrisy anefa, hitany fa «miaraka aminy ny ratsy». Tolona mahery vaika mahavery fanantenana no aterak'izany: ao anatin'ny mpino ny finiavana hanao ny tsara, saingy ny ratsy hatrany no mandresy mazàna... mandra-pigadon'ny fotoana, rehefa tonga saina izy fa olona marefo sy tsy manan-kery, hiantsoantsoany hoe: «Olo-mahantra aho. Iza no hanafaka ahy amin'ny tenan'ity fahafatesana ity?» Hitsahatra tsy hitodika amin'ny tenany intsony izy amin'izay fotoana izay. Hitodika amin'ny Tompo izy, dia ny Tompo izay hilaza aminy fa tsy vitan'ny hisolo vaika azy fotsiny no antony nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana, fa ny hitondra ihany koa ny fahafatesana noho ny fanamelohana an'ilay toetra taloha. Afaka ny hisaotra an'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Jesoa Kristy amin'izay izy izao¹⁵.

Tamin'izany no nahaizany ny zavatra tokony ho hain'ny mpino rehetra, indray andro any. Tsy inona izany fa ny hoe :

14. Romana 3. 20 • 15. Romana 7. 24

– Efa nohelohina « ny nofo » ; sady tsy misy tsara ao aminy, no tsy misy fanafana ho azy¹⁶.

– Sady tsy manan-kery hitaona ho amin’ny tsara no tsy manan-kery hanohitra ny ratsy ilay toetra vaovao, raha izy tenany ihany.

Vahaolana :

Ny fahafatesantsika miaraka amin’i Kristy

Ny amin’ny fanadiovana ny FAHOTANA no resahina ao amin’ireo toko manomboka ny Epistily ho an’ny Romana. Miantomboka eo amin’ny toko faha-6 no anehoan’ny apôstôly amintsika ny fomba nanafahana antsika tamin’ny OTA. Ohatra :

– Milaza amintsika ny amin’i Kristy izay natolotra noho ny fahadisoantsika (FAHOTANA), ary nitsangana tamin’ny maty ho fanamarinana antsika, ny Romana 4. Manisy tombokase ny mpino izy ary miorim-ponenana ao anatiny¹⁷. Nitondra vokatra feno fitahiana ho antsika izany: tonga marina eo anatrehan’Andriamanitra isika (nohamarinina), amin’ny alàlan’ny finoana. Tonga vita fihavanana amin’Andriamanitra, amin’ny alàlan’ny Tompo Jesoa Kristy, isika.

16. Romana 7. 18; 8. 7 • 17. Efesiana 1. 13

– Mamelabelatra ny amin’ny fanafahana amin’ny OTA ny Romana 6.7, ary milaza amintsika manao hoe: «Fa izay efa maty dia afaka amin’ny ota».

Ny fahafatesan’i Kristy ho antsika izany no nanamarinana antsika tamin’ireo fahotantsika, saingy tsy ho afaka amin’ny ota kosa isika raha tsy amin’ny alàlan’ny fahafatesantsika miaraka amin’i Kristy.

Ndeha handray tantara anankiroa avy ao amin’ny Baiboly isika, izay samy mitantara amintsika ny fomba fanadiovana ny boka:

– Levitikosy 14. 1-7: Tsy afaka hanao na inona na inona ho an’ny fanadiovana ny tenany ny boka. Mipetraka mangina izy ary mijery fotsiny ny fikarakarana atao azy. Atsoboka anatin’ny ràn’ny vorona novonoina ny vorona «velona sady madio». Alefan’ny mpisorona hanidina io vorona io, rehefa izany. Sary entina hanehoana izany fa mahita olona iray «velona» sy «madio» ilay boka, izay midina mankany amin’ny fahafatesana misolo vaika azy ary mivoaka tao indray, amin’ny alàlan’ny fitsanganan’ny tena amin’ny maty. Lazaina ho madio amin’izay ilay boka rehefa tontosa izany rehetra izany.

Toy izany koa, «nijaly indray mandeha monja i Kristy noho ny ota, ny Marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika amin’

Andriamanitra »¹⁸. Mitavana fahasoavana manokana amin'ny asa tsy nataontsika akory isika. Tsy misy tokony hataontsika intsony, mba tsy ahitana pentina amintsika: « Ny rà'n'i Jesoa Kristy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra »¹⁹.

– 2 Mpanjaka 5. 10-14: Tsy misy mihitsy olona hafa maka ny toeran'i Namana eto. Izy tenany ihany no tsy maintsy miroboka ao amin'ny ranon'i Jordana, izay sary ilazana ny fahafatesana. Na tsy hivalampatra amin'izay fiafaran'ny tantara aza isika, dia hitantsika fa levona tao anatin'ny fahafatesana izay rehetra mety ho habokana teny aminy.

Mampianatra antsika ny Soratra Masina fa tsy vitan'ny hoe nidina tany amin'ny fahafatesana ho an'ny mpino fotsiny ihany i Kristy, fa ny mpino mihitsy koa no mila mitsofoka ao amin'io fahafatesana io, tahaka an'i Namana: maty miaraka amin'i Kristy izy²⁰.

Efa voatsara teo amin'ny hazofijaliana avokoa ny maha izy azy antsika, araka ny natiorantsika, mbamin'izay rehetra vitantsika. Efa nilaza Ilay Iray izay nitondra izany fanamelohana antsika izany teo amin'io hazofijaliana io nanao hoe: « Vita ». Ka iza intsony no hanameloka antsika? Iza indray no

18. 1 Petera 3. 18 • 19. Jaona 1. 7 • 20. Romana 6. 8

hiampanga ny olom-boafidy izay efa nambaran' Andriamanitra Izy tenany ho marina?²¹. Na hatsingerin'i Satana ho eo anoloantsika indray aza ireo fahotantsika, dia tsy hoe hitady izay handavana izany isika, na hoe hitady fialan-tsiny amin'izy ireny, fa hamaly tsotra fotsiny hoe: « Kristy no efa maty noho ny fahotako rehetra ». Raha mitady ny hanakorontana antsika noho ilay toetra ratsy ao anatintsika izy, dia ampio indray hoe: « Ary izaho efa maty ihany koa ».

Moa tsy maintsy mihevi-tena ho maty ve?

Ity zavatra iray loha ity no tena sarotra amin'ny maro ny mampihatra, na ny miaina, azy. Nivavaka ity mpino iray ny mba « hanomezan' Andriamanitra azy fahatsapana fa efa maty niaraka tamin'i Kristy izy ». Tsy mitaky amintsika na oviana na oviana ny hahatsapa ny tenantsika ho maty Andriamanitra ! Milaza amintsika kosa izy ny mba « hanaovantsika ny tenantsika ho efa maty amin'ny ota, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa »²². Tsy maintsy inoantsika fa efa maty niaraka tamin'i Kristy isika, satria Andriamanitra no nilaza izany, fa tsy hoe satria

21. Romana 6. 33 • 22. Romana 6. 11

tsapantsika izany. Zavatra tsy ho tsapantsika na oviana na oviana mantsy izany. Andriamanitra no milaza fa eo imasony dia izay no izy! Tiany ny hinoantsika izany tsotra izao. Tiany ny hinoantsika fa maty noho ny fahotantsika i Kristy. Ny fahafatesan'io mpisolo voina antsika io (i Kristy izany) no omen'Andriamanitra lanja, ka raisiny ho toy ny hoe fahafatesantsika mihitsy izany, ary ny finoana no mampanaiky antsika ny fanambaràna nataon'Andriamanitra.

Noho izany, vita hatreo ny amin'ilay toerana nisy antsika taloha, eo imason'Andriamanitra, dia ilay maha taranak'i Adama lavom-pahotana antsika. Tarangana teo amin'ny hazofijaliana izany, satria teo « ny toetsika taloha dia niaranohomboana tamin'i Kristy »²³. Manana fifandraisana velona amin'ilay Adama farany isika, ankehitriny; miombona amin'ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty. Tonga « vadin'ny hafa isika, dia izay natsangana tamin'ny maty »²⁴.

Nampidirina ho amina sokajy iray tena vaovao tanteraka isika, amin'ny maha mpino antsika. Efa nitsangana niala tamin'ny fahafatesana ankehitriny Ilay Iray izay nitondra ny fanamelohana mendrika antsika, Ilay natao ho tonga ota teo amin'ny hazofijaliana ho antsika.

23. Romana 6. 6 • 24. Romana 7. 4

«Ao aminy» no ahitan'Andriamanitra antsika ankehitriny. Natao ho «fahamarinan' Andriamanitra ao amin'i Kristy» isika, ary tsy hiharan'ny fanamelohana intsony mandrakizay, vokatr'izany.

Moa manelingelina ny fiombonana aina amin'Andriamanitra ve ilay toetra taloha?

Andeha isika handray ohatra :

Niverina avy nioty voankazo tany an'ala ity zazalahy kely anankiray. Napetrany teo ambony latabatra ireo voankazo. Nony hitan-drainy ireo dia fantany avy hatrany fa irony karazamboankazo misy poizina mahafaty irony. Nasainy nariana avy hatrany àry ireo voankazo.

Raha zanaka manam-pitokisana amin-drainy ity tovolahy kely ity, ary manaiky ny maha zava-doza an'ireo voankazo ireo, dia tsy tokony ho antony hahatapaka ny fiombonana aina misy eo amin'izy mianaka mihitsy ny naha tao an-trano an'ireto voankazo ireto. Fa, raha sodokan'ny hatsaran'ny voankazo kosa io zazalahy kely io, ka mandà izay nolazain-drainy sy mikiry ny hitahirny ny voankazo, dia ho tafiditra anaty fifandonan-kevitra amin-drainy, ary ho tapaka ny

fifandraisana. Raha mainka mikiry ny hanandrana hihinana moa izy dia hifatraran'ny voka-dratsy aterak'izany.

Rehefa nampianarin'Andriamanitra an'ireo fahamarinana feno fahasoavana ireo ny mpino, nefa hitany fa mbola mitoetra ao anatin'ny ota, ary mainka miha ratsy miha ratsy hatrany koa ilay toetra taloha efa raiki-tampisaka ao aminy, ny hany azony atao dia ny miandany amin'izay ambaran'Andriamanitra ho fomba hanoherana an'io toetra taloha io, fa tsy ny fiezahana hanao izay hanatsaratsarana izany. Raisiny mandrakariva ho toy ny fahavalo mampidi-doza io toetra taloha io ka tokony hahamailo hatrany. Fantany fa efa nomelohin'Andriamanitra tanteraka teo amin'ny hazofijaliana io toetra taloha io; ary manameloka azy io tanteraka ihany koa ny tenan'izy mpino, vokatr'izany. Mitoetra ho toy ny « efa maty ny amin'ny ota izy, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesoa »²⁵.

Miray hevitra tsara amin'Andriamanitra izany ny mpino; ary afaka manandrana miaraka Aminy ny fiombonana aina feno hasambarana, eny fa na mbola ao ihany aza ilay toetra taloha.

25. Romana 6. 11

Ahoana no fahitan'Andriamanitra antsika : ao amin'ny nofo sa ao amin'ny Fanahy ?

Tsy manantena zavatra tsara avy amin'ny nofo Andriamanitra. Nailiny tanteraka ho toy ny zavatra tena ratsy dia ratsy mihitsy izany. Ankoatra izany, tsy manan-jò amintsika intsony izy, raha araka ny rariny sy ny hitsiny. Tsy manantrosa amintsika intsony ny nofo ka hoe « hiaina araka ny nofo » isika²⁶. Andraikitra goavana napetraka ho antsika kosa ny ho malina mba hisakanana ny nofo tsy hanao ny ataony. Kanefa, na eo aza izany, Andriamanitra mihitsy no efa nanome alàlana antsika, tamin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, hihevitra an'io nofo io ho toy ny tsy manan-jò na inona na inona amintsika intsony, no sady tsy hanana anjara toerana intsony koa amin'izao toerana vaovao misy antsika eo anatrehan'Andriamanitra izao. Ny hazofijalian'i Kristy no nanamontsana mandrakizay ny tady nampifamatotra antsika tamin'ilay Adama voalohany, ilay Adama lavo. Ny Fanahy Masina kosa no nitondra ho ao anatintsika ny fiainan'ilay Adama farany, ilay Adama nitsangana tamin'ny maty.

26. Romana 8. 12

Tsy mihevitra antsika ho toy ny «ao amin'ny nofo» intsony Andriamanitra, fa «ao amin'ny Fanahy». Ny fiainan'i Kristy no hany fiainana tokana ananantsika eo anatrehany ankehitriny. Izany no nahafahan'i Paoly apôstôly niteny hoe: «Voahombo miaraka amin'i Kristy aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa i Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak' Andriamanitra, izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy»²⁷.

Amin'ny alàlan'ny fahateraham-baovao izany no hidiran'ny mpino ho ao amin'ilay toerana vaovao: tonga ao amin'i Kristy izy²⁸. Tafaray tanteraka tamin'i Kristy izy, hatramin'io fotoana io, ary tsy ho tafasaraka aminy intsony. Tonga tena, na vatana, iray aminy izy mandrakizay. Firaisana feno sy ampoka io, ka mahatonga fitoviana tanteraka aminy. Hianina amin'ny fitanisana an'ireto andinin-tSoratra Masina vitsivitsy ireto izahay.

Ny mpino dia:

– voahombo ary maty sy nalevina niaraka tamin'i Kristy²⁹

– novelomina niaraka taminy³⁰

27. Galatiana 2. 20 • **28.** 2 Korintiana 5. 17 • **29.** Romana 6. 4-8; Galatiana 2. 20; Kolosiana 2. 20 • **30.** Efesiana 2. 5

- niara-natsangana taminy³¹
- nantsoina hiara-hijaly aminy³²
- mpiara-mandova aminy³²
- efa niara-nomem-boninahitra taminy
sahady³³.

Ny Fanahy Masina : hany herin'ny fiainam-baovao

Mbola manome zavatra hafa, mihoatra ny fanomezana aina indray ny mpanota maty, ny Fanahin'Andriamanitra. Mbola izy ihany koa mantsy no herin'io fiainana vaovao io.

Rehefa mahatsapa ny toerana mahonena misy azy ny olona iray, noho ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra, ka miaiky ny fahotany, mandray ny fahamarinana ambaran'ny Soratra Masina mikasika ny Tompo Jesoa Kristy sy ny asa nataony, ary mino an'ilay antsoin'ny Soratra Masina ho « ny filazantsaran'ny famonjena », dia manisy tombokase ny mpino ny Fanahy Masina ary miorim-ponenana ao anatin'ny³⁴. Tonga « tempolin'ny Fanahy Masina » ny tenany. Tsy tompon'ny tenany intsony izy, fa efa « novidina lafo »³⁵.

31. Kolosiana 3. 1 • **32.** Romana 8. 17 • **33.** Romana 8. 17, 30 • **34.** Efesiana 1. 13 • **35.** 1 Korintiana 6. 19

Nahitana soratra toy izao teo amin'ny rindrin'ity hotely anankiray:

« Hisokatra indray ity toerana ity ary ho vaovao tanteraka ny fitantanana ».

Mampahatsiahy antsika an'ilay andinin-tSoratra Masina notanisaintsika teo ambony, izany filazana izany. Samy tsy nisy niova na ny vatan-trano, na ny varavaran-kely, na ny varavaram-be, na ny fantsona fivoahan-tsetroka, na ny efitra tao amin'ity hotely ity. Saingy ny tompony kosa no niova, hany ka miova tanteraka ihany koa ny fitantanana rehetra.

Toy izany koa ny mpino. Ilay olona teo ihany io fa tsy misy fiovana akory. Mbola eo ihany ireo fahaiza-manao efa nananany fony izy tsy mbola nandalo fiovam-po, mbola ny teo ihany koa, angamba, ny asa aman-draharahany, tsy miova ny fari-piainany. Saingy tonga fananan'olon-kafa izy ankehitriny, ary fananana manokan'io olona io. An'i Kristy izy, ary tonga eo ambany « fitantanana vaovao tanteraka », noho izany. Tonga monina ao anatin'ny kristiana mantsy ny Fanahy Masina. Ao no fonenany, ary ao lzy no mitantana araka ny fomba fitantanany lanitra.

Ao no itoeran'ny herin'ny mpino amin'ny fanatontosana an'ireo asa rehetra araka an'Andriamanitra. Io no tanjaka entiny manohitra

ny nofo, mba « hamonoana ny asan'ny nofo »³⁶. Ambara amintsika ao amin'ny Galatiana 5. 17 fa « ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanareo manao izay zavatra tianareo ». Ahafahana manavaka tsara ny faniriana mifanipaka tanteraka eo amin'ireo toetra roa karazana ao anatin'ny mpino ireo, izany fifanoherana izany. Ny Fanahy Masina izay mitoetra ao anatintsika izany no hery ampy hitaona antsika hiaina mifanaraka amin'ny fanirian'ilay toetra vaovao tinafintsika. Hainy ny mampivoaka antsika ho mpandresy amin'ireo ady ara-panahy rehetra atrehintsika. Aoka àry isika hiambina mba tsy hanao izay hampalahelo an'ilay iray izay tonga mba hitari-dàlana antsika, dia « ny Fanahy Masin'Andriamanitra », izay nanaovana tombokase antsika ho amin'ny andro fanavotana³⁷.

Ny andraikitsika : mandeha araka ny Fanahy

Ilaina mihitsy ny fahafantarana fa tsy misaraka amin'ny toetsika ara-panahy ny fiasan'ny herin'ny

36. Romana 8. 13 • 37. Efesiana 4. 30

Fanahy Masina ao anatintsika. Eto indrindra no isongadinan'ny andraikitsika. Izany no antony hiantsoana antsika handeha (hitondra tena) «araka ny Fanahy»³⁸. Hery tokana ihany no omena ny rehetra, saingy tsy mitovy ny fomba famelàn'ny mpino tsirairay avy azy hiasa ao anatin'ny. Mila mandroso amin'ny fiainana maha kristiana isika, ary tokony hiseho eny ivelany ho hitan'ny olona rehetra ny fandehanantsika (na ny fitondrantsika tena) «araka ny Fanahy».

Misy teny vitsivitsy notsongaina avy ao amin'ny tenin'Andriamanitra ireto, izay mirakitra fananarana sy torohevitra, mba hananantsika fiainana manome voninahitra ny Tompo:

– Mandeha «tahaka ny zanaky ny mazava»³⁹. Mandositra an'izay rehetra mety ho asan'ny maizina, ny lainga, ny fihatsarambelatsihy, ny hafetsen-dratsy. Fa misokatra kosa amin'ny fahazavan'Andriamanitra, izay hita ao amin'ny Teniny. Hiharihary ny fahadisoana nataontsika amin'izay fotoana izay, ka hiaikena sy hibabohana, ary ny ràn'i Jesoa Kristy no hanadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra⁴⁰.

38. Galatiana 5. 16 • **39.** Efesiana 5. 8 • **40.** Jaona 1. 7

– Mandeha « amin’ny fahamarinana »⁴¹, araka ny fampianarana tsy misy kilema, izany hoe mahalala ny Teny ary miaina izany.

– Mandeha « amin’ny fitiavana »⁴² satria ny Fanahin’Andriamanitra dia mitaona mandrakariva an’ireo izay momba ny tenan’i Kristy ho tonga iray aina, amin’ny alàlan’ny fifamatoram-pitiavana.

– Mandeha « amin’ny finoana, fa tsy amin’ny fahitana »⁴³, amin’ny fifaharana amin’ny teny fampanantenana omen’Andriamanitra, fa tsy amin’ny rafim-pisainantsika.

– Mandeha « mendrika ny fiantsoana » niantsoana antsika⁴⁴, « mendrika ny Filazantsara »⁴⁵, « mendrika ny Tompo »⁴⁶, « mendrika an’Andriamanitra »⁴⁷.

41. 2 Jaona 4 • **42.** Efesiana 5. 2 • **43.** 2 Korintiana 5. 7 • **44.** Efesiana 4. 1 • **45.** Filipiana 1. 27 • **46.** Kolosiana 1. 10 • **47.** 1 Tesaloniana 2. 12

Ireo zavatra manokana manamarika an'ilay toetra vaovao

Mahita zavatra telo, ao anatin'ireo maro hafa, manamarika manokana ny olona iray tena « naterak'Andriamanitra » tokoa isika, ao amin'ny Epistily voalohany nosoratan'i Jaona :

- Tsy manota izy... sady tsy mahay manota⁴⁸
- Mandresy izao tontolo izao izy⁴⁹
- Tsy mikasika azy ilay ratsy⁵⁰.

Aleo anefa mitsotra avy hatrany fa tsy mba hita manamarika mandrakariva ny mpino ireo toetra ireo. Ahoana àry izany no hahazoana tsara an'izay ambaran'ireo andinin-tSoratra Masina ireo ?

Ny sarin'ny hazo natao girefy no hanazava amintsika ny hevitr'ireo andinin-tSoratra Masina ireo. Foto-paoma iray tao amina saha fanirian'ny hazo fihinam-boa no ndeha hosafidintsika. Anontaniansika àry ilay mpikarakara azy. Manazava amintsika ny fomba namindrany sy ny nandrantsanany ny « foto-paoma dia » mba hanatsofohana ny sampana kely avy amin'ny foto-paoma tsara ilay mpikarakara.

– Dia inona izany no iantsoanao an'io hazo io izao ?

- Hazo paoma ihany ka inona moa !

48. 1 Jaona 3. 9 • 49. 1 Jaona 5. 4 • 50. 1 Jaona 5. 18

– Kanefa dia hazo natao girefy io : maninona no tsy antsoinao hoe: «hazo paoma dia» ny ampahan’io ary «hazo paoma tsara» kosa ny ampahany?

– Satria tsy hevitra handalo ao an-tsain’ny mpiasa tanimboly mihitsy izany! «Paoma dia» izy fony mbola zana-kazo, ankehitriny kosa tonga hazo paoma tsara maniry ao an-tsaha fambolena hazo fihinam-boa. Hazo iray ihany io, raha ny marina, saingy tapitra hatreo ny maha «paoma dia» azy, rehefa norantsanako izy. Tamin’ny fotoana niantombohan’ny fitsirian’ily hazo natao girefy no niantomboka ny tantaran’ny maha foto-paoma tsara azy.

– Mbola mitondra voan’ny paoma dia ihany ve io foto-paoma io?

– Tsia, tsy afaka ny hanome izany intsony izy. Tahaka ny tsy hamoazan’ny paoma tsara paoma dia no tsy hahafahan’ny paoma dia hanome voa tsara.

– Te hilaza ve ianao fa hoe tsy misy tavela ao amin’io hazo io intsony mihitsy izay toetra rehetra mahakasika ny hoe paoma dia?

– Tsy izany mihitsy, saingy hazoniko kosa ny filazàko fa tsy misy mihitsy toetran’ily paoma dia tao amin’io hazo io ka tsy nandalo fahalevonana. Ary raha mitranga indray aza ny fitsiriany ka mitsimoka ny solofon’ily teo aloha, dia ho toy ny

tsy teo no handrantsanako azy ary tsy hasiako miangana mihitsy na ny marefo indrindra aminy aza.»

Mazava ny fampiharana an'io sary io. Ny olona mbola mitafy an'ilay toetra ara-boajanahary no asehon'ny paoma dia. Ilay olona talohan'ny niterahan'Andriamanitra azy izany. Fiainambaovao kosa no tonga ananany manomboka eo amin'ilay fotoanan'ny fahaterahany indray, toy ilay hazo girefy, tamin'ny alàlan'ny Fanahy sy ny tenin'Andriamanitra.

Maneho an'ireo fahamarinana ireo amin'ny fomba marim-pototra i Jaona, ao amin'ireo Epistily nosoratany. Tahaka ny nanantintranteran'ilay mpanao tanimboly ny maha hazo tsara an'ilay paoma natao girefy, no tsy hijeren'i Jaona ihany koa ny mpino afa-tsy amin'ilay toetra vaovao tinafin'izy ireo, ao amin'ireo andininy iresahany azy ireo. Tahaka ny tsy hahafahan'ny foto-paoma natao girefy hitondra voan'ny paoma dia, no tsy hahafahan'ny mpino manota ihany koa. Amin'ny fomba ahoana moa no hahaizan'ny toetra avy amin'Andriamanitra hanota?

Na izany aza anefa, tsy hoe nampanginin'ny apôstôly Jaona akory, fa navoitran'ny ihany, ny fisian'ilay toetra ratsy ao amin'ny mpino. Ao amin'ny toko faha-2 no ilazany amintsika hoe:

« Izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesoa Kristy, Ilay Marina ».

Fampianarana tsy misy hafa amin'izany no mbola hitantsika koa ao amin'ireo episitily nosoratan'i Paoly. Na dia misy ao anatin'ny mpino tokoa aza ireo toetra roa karazana ireo, eo imason'Andriamanitra dia efa voatsara ary nifarana teo amin'ny hazofijaliana ny amin'ilay maha « paoma dia » antsika : niara-nohomboana tamin'i Kristy ilay olona taloha tao amintsika. Tsy heverina ho toy ny mbola ao amin'ny nofo intsony isika⁵¹.

Fehiny

Hitantsika teo ny amin'ireo toetra roa miara-misy, samy manana ny fototra niaviany avy ary samy manana ny fironany avy: ny iray mivelona amin'ny zavatra ny nofo, ny iray kosa amin'ny zavatra ny Fanahy. Tsarovy fa samy mitaky ny hanomezana fahafaham-po ny filàny avy ireo toetra roa ireo, isan'andro isan'andro.

51. Romana 7. 5; 8. 8-9

IZA AMIN'IREO TOETRA ROA IREO NO FAHANAKO?

Anarina isika :

Etsy an-daniny :

– Tsy « hiahy ny amin'ny nofo, hahatanteraka ny filàny »⁵².

– Hiaro tena amin'ny « filàn'ny nofo, fa miady amin'ny fanahy ireny »⁵³.

Etsy an-kilany :

– Ho fatra-paniry tahaka ny zaza vao teraka ny « rononom-panahy tsy misy fitaka », mba hitomboantsika amin'izany ho amin'ny famonjena⁵⁴.

Aoka àry isika hitandrina ny amin'izay jeren'ny masontsika, ny amin'izay vakintsika, ny amin'izay sainintsika. Ity fanontaniana ity no aoka hizahantsika toetra ny zavatra rehetra ataontsika : Moa mamahana an'ilay toetra vaovao ve izao ataoko izao, sa ny nofo no mahazo vahana ?

Samy hijinja izay voa mifanaraka aminy avy, na izay mamafy « ho an'ny nofo », na izay mamafy « ho an'ny Fanahy », « fa izay hafafin'ny olona no hojinjainy »⁵⁵.

52. Romana 13. 14 • 53. 1 Petera 2. 11 • 54. 1 Petera 2. 2 •

55. Galatiana 6. 7-8

Enga anie isika ka hanana fahamalinana sy hiahiahy mandrakariva ny amin'ilay toetra taloha ao anatintsika. Tsy ho ela intsony dia hahita ny Tompo isika, dia amin'izay tena endriny tokoa. Hovana hitovy aminy isika: ilay toetran' Andriamanitra ao anatintsika no hany sisa haharitra ka hoentintsika hatramin'ny mandrakizay, ao amin'ilay vatana be voninahitra hotinafintsika⁵⁶. Koa satria manana izany fanantenana izany isika, dia katsaho dieny ankehitriny ny hiaina mifanaraka amin'io toetra io, ka hanadio ny tenantsika ho afaka amin'ny ratsy rehetra⁵⁷.

Ny Tompo anie no ho sakafontsika isan'andro isan'andro, ary ny Teniny anie no ho antom-pifaliantsika.

ANDRIAMANITRA O! ANDRIAMANITRO IANAO;
MITADY ANAO FATRATRA AHO; MANGETAHETA
ANAO NY FANAHIKO⁵⁸.

FALY AHO NOHO NY TENINAO TAHAKA NY
MAHAZO BABO BE⁵⁹.

56. 1 Korintiana 15. 42-44 • **57.** 1 Jaona 3. 3 • **58.** Salamo 63. 1 • **59.** Salamo 119. 62

Misy asasoratra maro hafa koa mamahavaha an'ity lohahevitra hitanao tato ity. Manentana anao izahay hamaky azy ireto :

Ny fanafahana ao amin'i Kristy

Ny fanafahana, ny fitsaharana, ny hery sy ny fanoloran-tena.

Ho hitanao eny amin'ny

Bibliothèque chrétienne

Lot IV L 39 D

Anosivavaka Ambohimananarina

101 Antananarivo MADAGASCAR

e-mail christmadabiblio@yahoo.fr

Tél. 22 090 00

033 14 168 12

Toetra roa karazana ao anatina olona iray ihany: toy izany no anazavan'ny Baiboly ny fahasaratana atrehin'ny olona iray vao avy nandray ny famonjena tao amin'i Jesoa Kristy, eo amin'ny fiantombohan'ny fiainana kristiana diaviny.